Soleil Marmailles La Réunion 4

**Nanampy fandidiana zazalahikely, miantoka sakafona terabao...**

Tononkira

ANDROY TANE MILEVEN-DRANO

Tarika Vaovy 4


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety mivoaka intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 19 janoary 2021 Laharana 1116 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Rovan'Alasora** 2

Hiaro ny vakoka hatrany ny kaominina

Tatitry ny Antenimierandoholona 2

## Tsy tokony ho filoha mihitsy i Andry Rajoelina




Imerinkasinina 3

## Mpino kristiana 5000 mahery nomen-dRavalo sakafo




Feon'ny mpitondra momba ny volamena 2

## Halefa anio, satria ananan'ny Miara-manonja



Tsy mamely ny ministra sy ny ekipany 3

## Vao mainka hilentika ny fampianarana eto Madagasikara



**Kapoakam-bary vaovao** 5

Tsy hampidina ny vidim-bary mihitsy

**KOFITAM – taksibe zotra 143** 7

Kaoperativa anjakan'ny gaboraraka sy mampijaly mpandeha

**Daka kely**

Tsy ny sipa bobaka manodidina an'lalahy no hampilamina ny tany ry Boaikely a !

FEON'NY MPITONDRA MOMBA NY VOLAMENA

# Halefa anio, satria ananan'ny Miara-manonja

Miha-mafana hatrany ny toe-draharam-pirenena eto amintsika amin'izao fotoana, miha-mivoaka hatrany ihany koa ny marina mahakasika raharaha maromaro nafempenina teto amin'ny firenena hatramin'izay. Mamotsipotsitra izany amin'izao fotoana ny fandaharana Miara-manonja, izay mandeha amin'ny onjampeo tsy miankina maromaro. Araka ny nambaran'ny depiote, mpanao gazety, Fidèle Razara Pierre nandritra izany, anananay hoy izy ny feonareo mpitondra mahakasika ny resaka volamena naondrana antsokosoko, ka tratra tatsy Afrika Atsimo. Halefa amin'ny fandaharana izany anio hoy izy. Inona no voarakitr'izany feo izany, inona no tsiambaratelo hivoaka ao anatiny ? Anio isika haheno izany, samy hangilan-tsofina, hihaino ny Miara-manonja. Mihaino ity fandaharana ity avokoa amin'izao fotoany ny maro, indrindra fa ny mpitondra, izany dia mba hahafahany mamaly izay voalaza, ka dia handre tokoa izy ireo amin'ity androany ity. Isan'andro, ny alatsinainy ka hatramin'ny zoma, tsiahiviny ihany, manomboka amin'ny 9h30 maraina ka hatramin'ny 11h30 ity fandaharana Miara-manonja ity, hiresahana mahakasika ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny, tsy misy ankinafinafina ao, fa abaribary avokoa izay rehetra tsy mety ataon'izao fitondrana Rajoelina izao. Tsy tompontrano mihono intsony ny vahoaka Malagasy, izy tena tompon'ny fahefana mandritra izany.



*Ny depiote mpanao gazety, Fidèle Razara Pierre.*

**Isambilo**

Tatitry ny Antenimierandoholona

# Tsy tokony ho filoha mihitsy i Andry Rajoelina

*Tsy tokony ho filoha mihitsy i Andry Rajoelina, izay no azo amehezana ny tatitry ny vaomiera nanao fanadihadiana tao amin'ny Antenimierandoholona ary nampahafantarina omaly, tetsy Anosikely.*

Vita omaly maraina ny tatitra nataon'ireo Vaomiera 4 ao amin'ny Antenimierandoholona, ao anatin' ilay Vaomiera mpanadihady ao anatin'ity andrimpanjakana ity, na commission d'enquête parlementaire. Tao anatin'izany ny commission d'enquête sur la gestion du covid, na ny vaomiera mpanadihady ny fandaniana natao tamin'ny valan'aretina coronavirus teto Madagasikara. Faharoa, Commission d'enquête sur la liste électorale, na ny vaomiera mpanadihady mikasika ny lisi-pifidianana. Fahatelo, Commission d'enquête sur l'importation illicite d'armes de guerre, na vaomiera mpanadihady mikasika ny fampidirana fitaovam-piadiana mahery vaika teto amin'ny firenena ary farany Commission d'enquête sur l'évasion dans le milieu carcéral à Farafangana du 23 août 2020, na ny vaomiera mpanadihady mikasika ny vonoan'olona tany amin'ny fonjan'i Farafangana. Natao izao fanadihadiana izao hoy ny loholona Rakotovazaha Olivier, tsy natao hanenjehana olona, fa ilaina kosa hoy izy ny fanadihadiana, mba hisian'ny mangarahara eto amin'ny firenena. Raha ho an'ny kaomisiona mikasika ny fandaniambola tamin'ny valanaretina coronavirus dia 600 tapitrisa dolara Amerikana hoy ny filohan'ny vaomiera no vola noeritreretina ho azo avy amin'ny mpiaramiombon'antoka PTF, hiatrehana ny valanaretina ; ka nankinina tamin'ny CCO ny ady natrehina tamin'izany. Eto dia mipetraka ny fanontaniana amin'ireo minisitra maro toy ny minisitry ny fahasalamambahoaka, atitany, serasera, mponina, rano, ny ben'ny Tanàna eto Antananarivo Renivohitra, Toamasina, sns … sy izay nandray an-tanana ny vola tamin'izany. Ny mampalahelo hoy ny vaomiera dia tsy nisy namaly ny fiantsoana azy ireo, ireo tompon'andraikitra ao amin'ny minisitera ireo. Ny tompon'andraikitra voalohany aza milaza tsy mahafantatra izay vola ampiasaina tamin'ny covid 19 akory. Isaorana kosa hoy ny mpandahateny ny minisitry ny fahasalamana teo aloha Ahmad, fa izy no hany tokana namaly ny vaomiera mpanadihady. Ho an'ny vaomiera mikasika ny resaka fanadihadiana mikasika ny lisipifidianana dia nohenoina sy nojerena tao amin'ny lapan'Anosikely ny porofo sy ny horonantsary mikasika ny resaka fisian'ny doublon tamin'ny resaka karapanondrompirenena, CIN, sy ny kara-pifidianana izay noresahan'ny CENI, sy ny tale jeneralin'ny tranom-printim-pirenena (imprimerie nationale) ary nisy koa ny tatitra navoakan'ny OIF nanamarina izany. Niampy hatramin'ny 1 tapitrisa mahery noho io « doublons » io ny vaton'ny kandidà Rajoelina tamin' iny fifidianana iny araka ny tatitra, noho izany tsy tokony ho lany filoha mihitsy ny tenany. Ankoatra izany, marobe ny zavatra tsy nanjary tamin'ireny fifidianana ireny, voalohany tamin'izany ny fampitahorana tamin'ny fampidirana fitaovam-piadiana mahery vaika mialohan'ny fifidianana, sy ny fanaovana hosoka sy hala-bato.



Ho an'ny vaomiera mikasika ny fampidirana fitaovam-piadiana mahery vaika teto amin'ny firenena indray dia nanamafy ity vaomiera ity, fa tsy aradalàna ny nampidirana ireo fitaovam-piadiana ireo teto amin'ny firenena. Vao hanao fianianana teny Mahamasina ny filoha Rajoelina ny 19 janoary 2019 dia narangarangany ny fitaovam-piadiana mahery vaika. Nanambara izy tamin'izany fa asa fa tsy kabary ny antsika, ka asehontsika eto hoy izy ny fiara manara-penitra afaka miakatra tendrombohitra tsy laitram-bala. Io resaka nataon'ny filoha io voarakitra ao anaty horonantsary. Nantsoina ny tompon'andraikitra eto amin'ny firenena, fa dia tsy namaly ny vaomiera mpanao fanadihadiana izy ireo. Ny tompon'andraikitra teo aloha no tonga namaly ny antso. Voamarina tamin' izany, fa nisy ny fampidirana fitaovam-piadiana mahery vaika tsy ara-dalàna teto Madagasikara. Ny manamboninahitra aza talanjona rehefa nahita ireo fitaovam-piadiana ireo teny Mahamasina.

Farany, ho an'ny vaomiera mpanadihady mikasika ny famonoana olona tany amin'ny fonjan'i Farafangana. Isaorana ny minisiteran'ny fitsarana hoy ny vaomiera, fa tonga tamin'ny fiantsoana nataon'ny vaomiera mpanadihady izy ireo. Io dia tena mampalahelo, fa tsy misy vidiny ny ràn'olombelona. Marihina fa 23 ny maty tamin'io andron'ny 23 aogositra io ary 18 no naratra tamin'izany.

Tsy natao hanenjehana olona manokana hoy ny vaomiera mpanadihady ao amin'ny ntenimierandoholona ny nanaovana izao fanadihadiana izao araka ny fanamarihana nataon' ireo loholona, fa natao kosa mba hisian'ny mangarahara sy fifampitokisana eto amin'ny firenena. Izahay kosa anefa dia manameloka ireo minisitera sy tompon'andraikitra nantsoina tamin'ny fanadihadiana tsy namaly ny antso. Manameloka ny fanitsakitsahana ny lalàna velona sy ny lalampanorenana eto amin'ny firenena. Eto kosa dia miangavy ny fitsaràna mahefa hanokatra fanadihadiana mikasika ireo tatitra nataon'ny vaomiera mpanao fanadihadiana izy ireo. Vita izy izay, ny fe-potoana iasana koa ity ho tapitra, koa hanao toy ny minisitra tompon'andraikitra nantsoina tsy namaly antso ve ireo senatera vaovao ireo, sa hatao ohatra ny tsy misy ny fanadihadiana nataon' ireo senatera teo aloha, ka atao any anaty vata na dorana tsy ho hita intsony? Efa natolotra ny ambaratongan-drafitra eto amin'ny firenena ireo tatitra ireo, araka ny fanambarana nataon'ny Loholona Rakotovazaha Olivier dia izao nampahafantarina ny be sy ny maro izao.

**Helisoa**

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fitondrana Rajoelina

# Toa fampihodinkodinana ny vahoaka fotsiny no misy

Misy sehatra tsy hita, na tsy hain'ny fitondrana Rajoelina mihitsy ny mamaha azy hatreto ary miditra amin'izao fahatelo taona itondrany ny firenena izao. Sehatra izay tena mampijaly mafy ny vahoaka tokoa eo amin'ny fiainany andavanandro. Tsy manan-kalahatra amin'ny vahaolana hatrany amin'ny ministera tompononadraikitra. Ary azo inoana fa tsy hisy ny vahaolana hanomezana fahafaham-po ny vahoaka iharany, satria tsy ao anaty kajin'ny drafitra idedahany hohazavaina ato ho ato izany fahoriambahoaka izany. Tsy sehatra iray koa anefa izany, fa misy ireo hafa tsy ahitam-bahaolana hatreto. Anisany ny lafiny sosialim-bahoaka. Ao anatin'izany ny fisiana fitondra-mitanila atao amin'ny vahoaka malagasy. Nahoana no misy ampahana vahoaka tsy mitsahatra ny fitondrana mitsinjo azy amin'ny fanampiana. Tsy ireo ihany anefa no sahirana mila fanampiana, fa ny ampahany be amin'ny vahoaka manontolo mihitsy.

Fitondrana mihevitra ny vahoaka Malagasy ho toy ny zaza sy bado ity fitondrana ankehitriny ity. Ny paik'adim-pampandrosoana tsy niainga avy amin'ny filan'ny vahoaka ifotony, sy tsy nierana taminy, dia tsy hampisy fiantraikany be amin'ny firenena. Porofo iray amin'izany, ny firehan-kevitra nampidirin'i Didier Ratsiraka tany amin'ny taona 1975. Niaraha-nahita tsara ny fiainam-pirenena tao anatin'ny sosialisma sy ny vokany taty aoriana. Tsy mifanaraka amin'ny filan'ny vahoaka no noterena nampidirina teto, hany ka tsy tafavoaka. Ny tetikasa hanandratana an'i Madagasikara, dia misy teboka lehibe iniana ikimpiana na dinganina tsotra izao, ary tsy mba nakana na kely aza ny hevitry ny vahoaka ifotony. Efa nosoratana teto ireny lesoka ataon'izao fitondrana ankehitriny ireny izao amin'ny fomba fiasany, mihevitra hanandratra an'i Madagasikara, ary nambara fa tsy ho tafavoaka mihitsy. Fitondra mihevitra ho mahay noho ny mpitondra any amin'ny firenen-kafa efa misandratra, na an-dalam-pisandratana ny eto amin'ny firenena, ka manao lalan-kafa miavaka na miala lalana amin'ny nampisandratra azy ireo. Ilay fototra banga amin'ny paik'adiny mihitsy anefa no manahirana ny saina, ary tsy mihevitra mihitsy ny hanarina izany izy.

Ho an'ny mpandinika, dia hitondra ny vahoaka hihodinkodina fotsiny toy ny zanak'Israely, fa tsy hahalasa lavitra na hanandratra azy ny fitondrana amin'izao fomba fiasany izao. Fahavoazana sy fahantrana mandrakariva ny vokatr'izany.

**Sôh'son**

Rovan'Alasora

# Hiaro ny vakoka hatrany ny kaominina

Tsy marina ny filazana fa ho ravana ny Rovan'Alasora, ao amin'ny distrikan'Antananarivo Avaradrano, hoy ny ben'ny tanànan'ity kaominina ity, Jimmy Randriantsoa. Hiaro hatrany izany vakoka izany ny fiadidiana ny tanàna hoy izy, ka tsy hisy izany fandravana ity Rova ao Ambohitrandrianahary ity, ny hanatsarana azy aza no hatao. Araka ny nambaran'ny tompon'ny tany manakaiky ity Rova ity, tsy tafiditra velively ao anatin'ny tanin'izy ireo izany vakoka izany, noho izany tsy ho voakitika, na hisy tetikasa aza hatao manakaiky izany ny Rova izany. Na izany aza aza, nanambara ny ben'ny tanànan'Alasora, fa hidina ifotony hijery ny tena zava-misy momba ity resaka olana tany ity ny kaominina, miaraka amin'ireo mpandrefy tany, sy ny sampan-draharahan'ny fanananantany ary ireo tompon'andraikitra samihafa ao amin'iny distrikan'Antananarivo Avaradrano iny, hanamarina ny tena zava-misy momba ity Rovan'Ambohitrandrianahary ity sy ny manodidina azy.



*Ny ben'ny tanànan'Alasora, Jimmy Randriantsoa.*

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Tsy mamely ny ministra sy ny ekipany

# Vao mainka hilentika ny fampianarana eto Madagasikara

Tsy mamely ny ministry ny fanabeazam-pirenena sy ny ekipany, vao mainka hilentika ny fampianarana eto Madagasikara. Io no nambaran'ny mpanabe tafaresaka tamin'ny gazety, na avy amin'ny sehatra tsy miankina io, na ireo mpampianatra mpiasam-panjakana. Ato anatin'ny telovolana faharoa ny fampianarana eto amintsika ankehitriny. Hatreto dia mbola tsy nivoaka tamin'ny fomba ofisialy ny datim-panadinana CEPE, BEPC, BACC. Tsy mbola nisy toy ity hatramin'izay nanaovana, hoy ny fomba fiteny ankehitriny. Ny mahazatra hatramin'izay, ary izay no mety sy tsara, dia vao mitsidika ny fanombohan'ny taon-tsekoly, na mbola tsy manomboka akory aza dia efa voafaritra miaraka amin'izay koa ny datim-panadinam-panjakana. Izany no natao dia hahafahana mandrefy sy mandrindra ny fomba hamitana ny programam-pampianarana ary hijerena ny ambim-potoana hahafahana manao ny famerenana ho an'ny mpianatra. Saingy hatreto aloha izany dia mandeha an-jambany ny mpampianatra sy ny mpianatra.

Etsy andaniny dia natao zero ariary ny sara naloa tamin'ny fampidirana mpianatra tamin'ny sekolim-panjakana tamin'ity. Vokatr'izany koa anefa dia hita fa tena zero ny kalitaon'ny fampianarana aroso amin'ny maro amin'ireny sekolim-panjakana toy ny EPP sy CEG ary lycee ireny. Mpianatra mitorovoka amin'ny tany, tsy misy dabilio, tsy misy tabilao hanoratana, efitrano tsy mitafo… Izany no santionany amin'ny iainan'ny mpianatra amin'ny sekolim-panjakana ankehitriny, na dia tsy lavitra ny renivohi-paritany akory ary ny sasany amin'ireny. Ankoatr'izany dia misy ireo kilasy iray ahitana hatramin'ny mpianatra 80 mahery ny iray kilasy, noho ny tsy fahampian'ny mpampianatra, na ny efitrano fianarana. Etsy ankilany anefa dia naorina amin'ny toerana vitsy, mba hidedahan'ny mpitondra fanjakana, ny sekoly manara-penitra, izay tsy handraisana afa-tsy ny mpianatra mahay ihany, hono. Mbola tsy fantatra koa anefa hatreto ny fomba nifantenana na hifantenana ny atao hoe mahay. Fa ny misy ary ny betsaka aloha hatreto dia ny mpianatra sahirana sy mahantra, tsy mahaloa saram-pianarana, ka tsy afaka hianatra raha tsy any amin'ny sekoly tsy andoavam-bola toy ny an'ny fanjakana. Anisan'ny mahay daholo anefa ve ireny, ka ho tafiditra amin'ireo sekoly manara-penitra izay najoro ? Ny fahita mantsy hatreto dia rehefa mahantra sy tsy ampy fitaovana, tsy ampy sakafo ny mpianatra dia misy fiantraikany foana amin'ny fivelaran'ny sainy sy ny fari-pahaizany izany.

**Mpianatra nivoaka ho mpampianatra**

Manoloana izany tsy fahampian'ny mpampianatra izany anefa dia niseho masoandro ihany koa ny fitokonan'ny mpianatra nivoaka ho mpampianatra, tao amin'ny ENS, na Ecole Normale Supérieure, izay tokony hotendrena hampianatra amin'ny sekolim-panjakana niveau 2 sy niveau 3. Tsy ampy ny mpampianatry ny fanjakana, saingy indreo misy nivoaka ho mpampianatry ny fanjakana, maro, tsy omena toerana. Teny an'avona sy tena fanambaniana aza no nataon'ny mpitondra tenin'ny prezidansa raha nilaza fa " raha manaiky hampianatra amin'ny EPP ianareo ireo dia horaisina daholo ". Toy ny hoe indreo misy olona nahazo diplaoma momba ny fanamoriana fiaramanidina dia antsoina hoe raha hitarika posy sy sarety ianareo dia horaisin'ny fanjakana daholo !

Etsy andaniny moa raha voalaza ombieny ombieny ny atao hoe partenariat, na fiaraha-miombon 'antoka sy fifanoloran-tanana eo amin'ny fanjakana sy ny tsy miankina dia natsahatry ny fanjakana nanomboka ny 2020 teo ny fanomezana subvention ny mpampianatry ny sekoly tsy miankina, nefa dia vola kely dia kely, latsaky ny 5 alina ariary isaky ny mpampianatra isantaona no fanome hatrizay. Ekena fa kely izany, nefa mba fanehoana fa mifanohana sy miara-mandray anjara amin'ny fanabeazana ny fanjakana sy ny tsy miankina, fa tsy vitan'ny fanjakana samy irery izany. Nofoanana izany ankehitriny nefa efa nataon'ny mpitondra teo aloha rehetra, hatrany amin'ny repoblika faharoa. Ny fanamian'ny mpianatry ny sekolim-panjakana sy ny fanomezana kitapo isaky ny mpianatra ambaratonga voalohany tamin'ny andron-dRavalomanana moa dia tena tsy vitan'ny mpitondra ankehitriny mihitsy hatreto, na dia eo aza ny fomba rehetra hanaratsiana sy hisongonana ny vitan-dRavalomanana. Sekoly vitsy dia vitsy no mba notolorana ireo fitaovana sy aron'akanjo volomboasary ho an'ny mpianatra.

Farany dia iaraha-mahalala, fa tsy mba nahazo tamin'izay tosika fameno na vatsy tohana manokana ho azy ny mpampianatry ny sekoly tsy miankina, na nahazo aza ny saofera, resevera, hatramin'ny mpivaro-tena, sns... Ireo no santionany amin'ny zava-miseho amin'ny tontolon'ny fampianarana ankehitriny. Ankoatr'ireo dia tsy misy tsy mitaraina ny talen'ny sekoly tsy miankina, fa tena nihena ny mpianatra niditra nianatra tamin'ity 2020-2021 ity noho ny fahasahiranana ara-bola mianjady amin'ny ray aman-dreny maro. Tsy niverina hoy izy ireo ny 20 isan-jaton'ny mpianatra. Manginy fotsiny ny tahotra sy ny horohoro mianjady amin'ny sekoly sy ny mpampianatra ny amin'ny mety ho fiverenan'ny andiany faharoa indray amin'ny fihibohana noho ny valanaretina corona virus. Ny fanontaniana mipetraka dia hoe hizotra tsara ihany ve ity taon-tsekoly ity? Sa dia hidiran-doza sy aretina indray, nefa ny mpitondra, araka ireo voalaza eo ambony ireo dia tsy manana afa-tsy vahaolana peta-toko sy tena " tsy mandeha amin'izay izy" raha ny sehatry ny fampianarana no jerena hatreto !

***Ny Valosoa***

**IMERINKASININA**

# Mpino kristiana 5000 mahery nomen-dRavalo sakafo

Nandritry ny fanokafana ny jôbily fisotroan-drononon'ny prezidà synodaly Antananarivo Atsinanana, ny mpitandrina Rabenantoanina Philibert ny sabotsy lasa teo, dia mpino kristianina 5000 mahery no tonga niombom-bavaka teny an-toerana. Sady fivoriana santatra eo anivon'ny synodamparitany rahateo moa io andro io. Ny filoha mpanampy ny synodamparitany Antananarivo Atsinanana, ny mpitandrina Rafanonerantsoa Valisoa, no nitarika ny fotoana, raha ny tonian'ny departemantan'ny fiangonana, ny mpitandrina Rakotondrainy Jaona kosa no nitondra ny hafatr' Andriamanitra,izay nalaina tao amin'ny II Kor 5: 14 a manao hoe: "Fa ny fitiavan'i Kristy no manery anay". Noarahabaina sy noraisin-tànana ireo biraon'ny mpiandraikitra foibe Fjkm teo aloha sy ny vaovao, teo ihany koa ireo mpiandraikitra foibe teo aloha sy ny vaovao. Noarahabaina sy noraisin-tànana ihany koa ny prezidà synodaly Antananarivo Atsinanana mianakavy, niaraka tamin'ny filohan'ny Fifampi sy ny Fifafi ary ny mpandraharaha ihany koa. Mpitandrina 19, mpampianatra 12 ary katekista delege 8 ihany koa no noraisin-tànana ny sabotsy teo. Hipoka tanteraka ny Fjkm Imerinkasinina Fanasina hatreny an-tokotany ary fandraisana ny fanasan'ny Tompo no namaranana ny fotoana. Fa taorian'ny fanompoam-pivavahana dia nasain'ny filoha Marc Ravalomanana hisakafo ireo mpino kristianina maherin'ny 5000 tao amin'ny trano vaovao teny Imerinkasinina. Omby telo no novonoina tamin'izany ary samy nahazo ny anjarany ny tsirairay. Nambaran'ny filoha Marc Ravalomanana, fa mbola hisy ny fotoana manaraka hihaonana aoriana kely.

***Rajo***



## TONONKALO

# Misy fetra misy fetra izay atomboka rehetra

Rehefa ireo natao ho "lohany" no mifotitra ho "rambony",
Dia midika f'efa ho avy irony loza sy ny antambony.
Ka aleo hirehareha, hihoerahoera farany izy,
Fa tsy maintsy misy fetra ny bontolo sy ambozizy.

Tsy hay afenina intsony ilay fitiavan-tseza lalina,
Ka miteti-dravitoto sady hita fa tsy malina !
Efa tena tsisy vidiny, efa ho lo ny fitondrana,
Raha ireny no ho santionany amin'ny ho mpanao lalàna !

Olobe nokilasiana fa hoe sangam-pirenena,
Izany koa no atidohan'ilay "aferam-bolamena "?
Tena sarotra ny mionona amin'izay efa eo an-tanana,
Fa laroina afera maizina, hitomboan'ny fananana ?

Ny Andriamanitrao mihitsy no efa heveriny ho pahina.
(Efa tsy mahita intsony sy efa azony fitahina !)
Ka izay no mahatonga ny hadalany tsisy farany,
Fa raha vao "resaka maloto" dia voatonona ao ny anarany !

…Ny vahoaka, tsy lazaina f'efa tena matin-kitsaka,
Saingy hatreto dia mangina sady mbola toa mifitsaka.
Nefa misy fetra koa fa tsy ho doria ny fahanginana.
Eny, andrasana tsy ho ela izay ho valim-panadinana !

***DADAN'i ZINA (17-01-21)***

Fiainam-pirenena

# Isa 19 lava, miteradoza ho an'ny firenena

Feno 2 taona katroka androany no naha filohan'ny Repoblika an'Ingahy Andry Rajoelina, satria ny Sabotsy 19 Janoary 2019 izy no nanao ny fianianana tetsy amin'ny Kianjaben'i Mahamasina, tamin'izany no naseho vahoaka ireo fitaovam-piadiana vaovao izay mbola miteraka resabe, tafiditra ao anatin'ny fanadihadiana parlemantera, izay nataon'ireo loholona madiva hiala amin'ny toerany, tsy izay ihany fa narantiranty ihany koa tamin'io andro io ny fiarakodia raitra dia raitra « cadillac » an'Ingahy filoha.

Nisy ny fikasan'ireo mpitondra vaovao ny hanapoaka afomanga tao amin'ny Rovan'Antananarivo ny harivan'io 19 Janoary 2019 io, saingy tsy tontosa izany noho ny orana nirotsaka tsy ankijanona, fa raha tsy raikitra ny afomanga dia zavadoza no niseho ny alin'io 19 Janoary 2019 io, satria nisy ny vatobe roa nianjera, ny iray teo Ampamarinana ary ny faharoa latsaka teny Tsimbazaza, namoizana aina maromaro izany fianjeran'ireo vato ireo izany.

Roa taona katroka aty aoriana dia tokony hivory voalohany ireo mpikambana vaovao miisa 18 ao amin'ny Antenimierandoholona anio talata 19 Janoary 2021 : ireo loholona 12 voafidy, sy ireo loholona 6 ho tendrena, ary hatomboka amin'ny fomba ofisialy anio Talata 19 Janoary 2021 ihany koa ny taom-pambolen-kazo amin'ity taona 2021 ity, ka zanakazo marobe no voalaza fa hatsatoka.

Azo inoana fa mitovitovy amin'ny fanamasinan'ny fitondrana ny isa 13 ihany koa ny fanomezan-danja ny isa 19, ho fanombohan-javatra amin'izao fitondrana izao.

Tsikaritra fa nandritra izay roa taona nahateo amin' ny fitondrana an'Ingahy Rajoelina sy ny forongony izay, dia io iaraha-mahita io ny tsy fahombiazana amin'ny lafiny rehetra, nahazo vahana loatra ny filan-dera tsy amin'ny antony amin'Ingahy Filoha, lazaina amin'ny fiteny mahazatra hoe « mila 19 », Ingahy Filoha mpanome 19 moa dia tsy mahalala izay tena filan'ny vahoaka, fa ampy azy ny fahenoana ny « merci prezidà » avy amin'ireo mpanaty rankena. Tafiditra teto amintsika ny « covid19 » izay tsorina fa vokatry ny fitavozavozan'ny fitondrana, ny Filoha Ravalomanana efa niteny hoe hidio ny sisintany, saingy tsy norahirahian'ny mpitondra izany, fa nosokajiana hoe tenin'ny mpanohitra, ka tsy misy lanjany, dia tafiditra tsy voasakana ny aretina ary mbola tsy resy hatramin'izao.

Ny raharahampirenena dia tsy tokony hankinina amin' ny filalaovana tarehimarika, izay azo adika ho finoanoam-poana, fa raha tiana ny hahomby dia tsy misy afa tsy ny fitantanana ao anatin'ny fahamarinana tanteraka ihany no ahazoana vokatra tsara, saingy ny fahitana ny ataon'ny mpitondra ankehitriny dia mbola lavitry ny afo ny kitay amin'izay fanomezan-danja ny fahamarinana izay.

***Ny Valosoa***

Soleil Marmailles La Réunion

# Nanampy fandidiana zazalahikely, miantoka sakafona terabao sy ny zanany mandritra ny 6 volana

Mitohy hatrany ny asa sosialy ataon' ny fikambanana Soleil Marmailles avy atsy amin'ny Nosy La Réunion, izay tarihan'ny dokotera Sylvie sy Tiana Razafintsalama, aty Madagasikara. Ny sabotsy teo, nanampy tamin'ny fandidiana zazalahikely iray voan'ny hernie ity fikambanana ity ary nanampy ihany koa tamin'ny fanaovana hasoavana izany tovolahikely izany. Ny fikambanana no niantoka manontolo ny saran'ny fandidiana natao ity ankizy kely ity tao amin'ny toeram-pitsaboana : clinique tsy miankina iray teny Ambohidroa Ambohimnarina, Boriboritany faha-6 eto Antananarivo Renivohitra. Ny andron'io ihany, nanolotra fanomezana ho ana reny terabao teny Andavamamba koa ny fikambanana, ity fikambanana Soleil Marmailles ity no hiantoka ny sakafon'ilay terabao sy ny zanany mandritra ny 6 volana. Misandrahaka amin'ny lafiny maro ny asa sosialy ataon'ny fikambanana, ankoatra ireo voalaza teo, manorina trano fitsaboana sy sekoly koa ny fikambanana Soleil Marmailles, namatsy rano fisotro madio ny mponina kere any amin'ny faritra Atsimon'ny Nosy, manampy ankizy zanaky ny sahirana arapivelomana amin'ny fianarany,…



***Aly***

Mpanakanto Môni

# Mpamorona fa tsy mpaka tahaka

Jomonis no tena anarany, mpanakanto zanak'i Midongy Atsimo. Anisan'ny iavahan'i Môni amin'ireo mpanakanto maro be ankehitriny ny fikarohana tsy miato ataony ho amin'ny fanajariana mozika vaovao. Ketrika notandrahana avy amin'ny fampiarahana ny gadona nentim-paharazana malagasy amin'ireo bankira avy any ivelany. Manana sokajim-peo somary mikasoka nefa kanto ary rakotra angola rahateo i Jomonis koa tsy sarotra ho azy ny manapariaka ireo kanto voiziny.

Na eo aza izany fampivadiana loko mozika samihafa izany, nanamarika hatrany i Jomonis fa mifaka sy manome hasina hatrany ny maha malagasy azy ny lehilahy eo an-jaridainan'ny hira sy mozika. Mivoitra hatrany izany eo ampihainoana ireo sanganasany.

**Mampita hafatra, manala voly**

Sarotiny tanteraka eo amin'ny lafiny famokarana tononkira i Môni. Fady ho azy, araka izany, ny handrafitra vazo tsy mirakitra hafatra azo atao ho vatsin-dalana hamakivakiana ny onjam-piainana. Miara-dalana mandrakariva amin'izany ihany koa ny fikajina hatrany ny maha « kanto » ireo sanganasany. « Tsy tokony hijanona hatreo amin'ny « fampirevena » ireo mpankafy fotsiny ny mpanakanto, fa tsy maintsy mijoro hatrany ho mpanabe », hoy i Jomonis.



*Môni, mpanakanto mampiara-dia ny mahasoa sy ny mahafinaritra.*

Ampahany amin'ireo sanganasa nahafantarana azy ny « Endrin'ny zaza », izay narindra amin'ny gadona milamina. Vao tsy ela ihany koa no namoahany ny « Agnilanao iaho tiako » » izay notefena hanaraka ny gadona zouk love. Toky nomen'ity mpanakanto ity ny hanandratra avo hatrany ny mozika vita malagasy ary hanapariaka izany hatrany Dilambato. Nanentana ireo mpanakanto namany ihany koa i Môni tsy hanao kitoatoa eo amin'ny fikirakirana sy fanajariana ny mozika mba tsy hahavery ny hasiny ary tena hamorona fa tsy ho mpaka tahaka fotsiny.

***Lalasoa R.***

## Mazotoa mihira

***Mamely any amin'ny faritra Atsimon'i Madagasikara amin'izao fotoana izao ny kere vokatry ny haintany. Hira mahakasika izay no atolotra anao androany, hiran'ny tarika Vaovy avy amin'iny faritra iny ihany koa:"Androy tane mileven-drano". Koa dia mazotoa mihira ary e!***

### Androy tane mileven-drano

Androy tane mileven-drano
Fa ie ty ampelae hoe
Vano Ginoke hoe akatsike
Malio le mitoratsike

Androy tane mileven-drano
Androy tane mileven-drano

Mahadaba ty tane toy mailo ndaty
Le hoe tsipoy
Sandrake te ie nisy rano
Namboragne tohadrano

Androy tane mileven-drano
Androy tane mileven-drano

Ty ondaty tsy misy borokaroka
Mone ie zao ty rano ie ie kokaboka
Mahalatsa le ie mahaveregne
Ty mandeha le mbe miheregne

Androy tane mileven-drano
Androy tane mileven-drano

Nare fanjakana minday
Maike ry aba ty tany ay
Vazoho zareo zahay
Fa ie RANO ty paila ay

Androy tane mileven-drano
Androy tane mileven-drano



***Mpihira: Tarika VAOVY***

## Sakafo Ny Valosoa



Rona henomby sy ravin-tsaosety indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mety ny laoka misy rony aamin 'izao andro mafana izao. Dia mazotoa homana tompoko.


## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly fanalana tasy sy mony amin'izao andro mafana izao

Fomba fanalana tasy sy mony amin'izao andro mafana izao indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

Migaingaina be loatra ny hainandro, lasa tsemboka be isika dia avy eo miha-matroka ny lokon'ny tava, ndraindray koa misy mony na teboka mainty amin'ny tarehy. Ny fomba fanalana izany:

- Ravina solila ( menthe), eny amin'ny mpivarotra anana na legioma feno, maka iray tanana.
- Rano mangatsiaka iray vera.
- Sasana madio avokoa ireo solila ary tangosana, mba hiala ny tahony.
- Potserina amin'ny « mixer » ny raviny rehetra ary tapohina kely an'ilay rano, mba hahazo fangaro marihitra. Rehefa vita izany dia azo ampiasaina:
- ahosotra amin'ny tarehy madio.
- Avela hiasa eo mandritra ny 20 min.
- Vontosana tsara ireo faritra misy mony na ahitana mason-koditra miteboteboka mainty.
- Kobanina amin'ny rano mangatsiaka avy eo.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Analila, distrikan'i Bealanana, faritra Sofia

Ny tanànan'Analila, distrikan'i Bealanana, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Analila ity tanàna ity. Any amin'ny faritra avaratra atsinanan'ny faritra Sofia no misy azy. Avo toerana ity tanàna ity satria 1220 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Toy ireo kaominina any amin'ny distrikan'i Bealanana, mahavokabary koa ny any Analila.



# NY TENY FIAINANA

*"Fa nisy mpaminany sandoka teo amin'ny olona Israely, ary hisy koa mpampianatra sandoka tahaka izany eo aminareo, izay hahatonga mangingina sain-diso mahavery ary handa ny Tompo Izay nividy azy aza, ka hahatonga fahaverezana tampoka ho an'ny tenany."*

***II Petera 2:1***

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Tsy hampidina ny vidim-bary mihitsy ny hanaovana kapoakam-bary vaovao

**Arp Helisoa :** tsy hampidina ny vidim-bary mihitsy ny fanovana ny kapoakam-bary, tena miteniteny foana sisa ilay Ramatoa ministry ny varotra. Fa sady tsy hainy no tsy voafehiny ny asany.

**Kristiann Ramiann :** ny hevitra hitandry cerveaux hampidinana ny vidim-bary dia hoe hovaina ny kapoaka fampiasa. Iza indray ny nahazo ny marché ny kapoaka ? Sao heverin'ireo vendrana ireo fa kindrindriana sy dinette aza no atao ao anaty ministera ao fa Firenena ange ny resaka e ! 2021: mila zavatra mifanaraka amin'izany eto amin'ity tany ity!

**Ninah Miharisoa :** ny kapoaka ndray zany no diso.

**Bakoliarisoa Andriamiseza :** dia gaga ianao.

**Ony Randria :** tsotra be ny miala rehefa tsy voafehy ilay asa, manala baraka tena fotsiny ilay ministry ny varotra.

**Bakoliarisoa Andriamiseza :** zany mihits ataon-dreo kilalao ny fitantanana firenena.

**Eaulimamy Rakotoarisoa :** fanjakana mampihomehy mihitsy ilay fitondrana Rajoelina.

**Falimanana Robel :** tena tsisy jery , mapme.

**Fanaperana Raharijaona :** jeu de kapoaka!

**Hasina Malala :** na ho soloina hatramin vato mizana manara-penitra aza io rehefa tsy mifanaraka amin'ny fahefan'ny mpanjifa ny vidim- bary tsy misy dikany. Ny kapoaka soloina nefa ny vidiny ampiakarina isaky ny ray andro.

**Tinasoa Miah :** hita mihitsy hoe fanjakana tantanan'ny artistes, izay mivoaka rehetra raha tsy hatsikana dia cinema.

**Bakoliarisoa Andriamiseza :** loza !

**Mathieu Rak :** efa tena lasa mitapy le aza !

**Zo Rasoamanana :** KITOATOAN' OLONA.

**Bakoliarisoa Andriamiseza :** hors sujet tanteraka lay ministra sy ny departemantany.

**Mitia Jenny :** atao daholo ty zavatra rehetra ty fa e e e.

**Michel Rakotomalala Andriampanarivo :** n'importe quoi, le ministère ne sait plus quoi faire face à la situation actuelle, il doit travailler et devrait être vu par le public qu'il travaille et il fait n'importe quoi.

**Mamisoa Harifetra :** inty aho eto fa tsy vitan'ireo zany fanoloana kapoaka zany.

**Saholy Ravaoarisolo :** zany ve hono no IEM! Lasa RESAKA kapoaka sisa, hihihihiiiiii !

**Tendry Rak Ravo :** looozzzzaaa marina rehefa tsy hay dia mametrà fialana, fa manalabaraka firenena ,tsy mbola nahita minisitra vendrana ohatran'ity, raha tsy tamin'ity fitondrana Rajoelina ity marina. Mba misaina e !

**Claudia Ravaoarimasy :** tena valalanina tanteraka aho, ny kapoaka ve no tokony hamboarina sa ny vidiny eh annnn ?ary ny hiafarany dia tsy hivarotra @ kapoaka intsony ry zareo dia ho aiza amin'izay ary ?

**Lova Randriannah :** Fa tsy 1kg = 3kp sy tapany ve ? tsy lay vidim-bary no hasiana fijerevana ifotony, fa inona aki no idirany? betsaka ny mpanararaotra momba io vary io. reny no tokony ho trandrahana dia hilamina ny vidiny. Hatr@ atody anie ka tsy nilatsaka tsony ny vidiny e!

**Vincent Hervé :** ndriiiy !zany ve sisa no mba asan'ny fanjakàna?

**Hajanirina Randriamady :** mila miteny fotsiny ngamba no tanjona. Maninona koa ny karaman-dry zareo raha tazoniny ny isan'ny ravim-bola, fa ny 20000ar fotsiny no ovaina 10000ar daholo, mba ho hitany ny fiantraikany. Tena ôtran'ny olona tsy nianatra zany, tena mampihomehy sy mampalahelo.

**Hajanirina Randriamady :** mba mihena zany ny vola mivoaka ko,

**Claude Marinho Rak :** fa any an-tranony angaha ny olona?

**Nirinaherijaona Anatoli Rakotondramanana :** hiverina @ terme "kapoakako io" ity.

**Bico Andrianjatovo :** tena mpitondra sanàna mintsy marina mafy !

**Fetra Arthur Rabearimanana :** mampiteniteny fôna mints ve ! Hihihiii!

**Malala Soa Malala Soa :** HITA MIHITSY FA EFA TSY VOAFEHINAREO INTSONY NY FITONDRANA, RESAKA VIDIN-KANINA AZA TSY VOAFEHINAREO…

**Therese Rasoambolanoro :** sady tsy + no tsy - .

**Harisoa Rakotomaro :** tsy zakanandry zareo mihitsy lay fitondrana e!


**Tinah Ramasindray :** soloina kapoaka kely ve zany? tsy solution mihitsy fa lay vidimbary mihitsy no itadiavana vahaolana. Fa tsy takatra ntsony, ny menaka, ny atody, lay sosialimbahoaka eh!

VALANARETINA CORONAVIRUS

## 6 no lavo, 300 ny tranga vaovao, 419 manaraka fitsaboana

Miha-betsaka amin'izao fotoana ny olona mitondra ny tsimokaretina corona eto amintsika. Antontan'isa vaovao mikasika ny covid19 eto Madagasikara, ny 9 ka hatramin'ny 15 Janoary 2021 lasa teo:
Olona enina (6) no namoy ny ainy, arak'izany 273 no efa lavon'ny valanaretina teto amintsika hatramin'izay.
2512 no isan'ny fitiliana natao.
Nisy tranga vaovao 300 :
–183 avy eto Analamanga.
–9 avy any Vakinankaratra.
–16 avy any Boeny.
–31 avy any Matsiatra Ambony.
–1 avy any Amoron'i Mania.
–18 avy any Vatovavy Fitovinany.
–1 avy any Ihorombe.
–8 avy any Analanjirofo.
–3 avy any Diana.
–3 avy any Menabe.
–11 avy any Atsimo Andrefana.
–1 avy any Sava.
–1 tranga avy any ivelany.
Tafakatra 18301 araka izany ny isan'ny olona voa hatramin'izay nidiran'ny valan'aretina teto Madagasikara, tamin'ny volana martsa 2020.
Niampy 162 ny isan'ireo sitrana, ka tafakatra 17609 izy ireo.
419 ireo mbola manaraka fitsaboana.
Ankoatra izany, csb 2 miisa valo (8) ireo CSB 2 eto Antananarivo - renivohitra mandray an-tanana ireo olona misy soritr'aretina:
1) CSB 2 Isotry Central.
2) CSB 2 Ambohitsoa.
3) CSB 2 Ampasanimalo.
4) CSB 2 Antanimena.
5) CSB 2 Mahamasina.
6) CSB 2 Analamahitsy.
7) CSB 2 Ambonilohа.
8) CSB 2 Ambohimanarina.
Mila manaraka hatrany ny fepetra ara-pahasalamana hatrany ny tsirairay fa miha-mahazo vahana ny valanaretina covid19.

***Stefa***




*Ny tarehi-marika momba ny coronavirus teto amintsika ny herinandro lasa teo.*

CTC-19 Village Voara Andohatapenaka

## Fandaminana ny fandraisana ireo olona ahiahiana na nahitana soritraretina

Mahakasika ny valanaretina covid-19, toy izaao ireo tsara ho fantatra mikasika ny fandaminana ny fandraisana an-tanana ireo olona ahiahiana na ahitana soritr'aretina: misokatra amin'ny 08 ora maraina, ka hatramin'ny 04 ora hariva amin'izao fanombohana izao ny fandraisana.
Ireo olona maneho soritr'aretina ahiahiana ho Covid-19 no raisina an-tanana eny. Afaka manatona mivantana na alefan' ny mpitsabo avy eny amin'ny CSB 2.
Tolotra ara-pahasalamana marolafy no azo sitrahana eny an-toerana, anisan'izany ny fizahampahasalamana ireo olona izay maneho soritr'aretina, fangalana singa hanaovana fitiliana « PCR », fizarana fanafody, fandraisana an-tanana ireo tranga misy fahasarotana.
HJRA Ampefiloha : fitiliana ireo olona handeha hivoaka ivelan'i Madagasikara.
LA2M : toerana handefasana ireo singam-pitiliana avy amin'ny Hôpitaly, sy ny CTC-19 Andohatapenaka. Mazava ho azy araka izany, fa tsy mandray olona mivantana.
CSB 2 miisa valo eto Antananarivo-Renivohitra no mandray an-tanana ireo tranga tsy misy fahasarotana, anjaran'ny dokotera miasa eo anivon'ireo CSB 2 ireo no mamaritra ny fanafody izay omena ireo olona tonga mizaha fahasalamana ao aminy ary mandefa azy ireo na tsia eny amin'ny CTC-19 Village Voara Andohatapenaka.
Tsara ny manamarika fa maimamaimpoana avokoa ny fitiliana sy ny fizarana fanafody ho an'ireo olona maneho soritr'aretina, ka ahiahiana fa voan'ny Covid-19.
Mandra-pivalin'ny fitiliana izay natao azy ireo dia mihiboka sy mitoka-monina any an-trano izy ireo ary manaraka tsara ireo toromarika hisorohana ny fiparitahan'ny valanaretina.

***Niaina***



*Ny Village Voara eny Andohatapenaka.*

VAVAKA TAO ANTSONJOMBE

# Ireo hafatra avy amin'ny filohan'ny FJKM

Anisan'ny nandray fitenenana teny Antsonjombe, ny Mpitandrina Dr Irako Andriamahazosoa Ammi, Filohan'ny FJKM, ny alahady teo, nandritra ny fanompoam-pivavahana fitondrana am-bavaka ny Filohan'ny FJKM sy ny ankohonany ary ny taompiasana 2021. Niarahaba ny tsirairay nomen'ny Tompo taona vaovao izy. Mbola tsy lasa ny coronavirus, ka mila mitandrina isika amin'ny fanarahana fepetra, indrindra ny arovava sy orona, sy ny elanelana : mizara aina mantsy ny fiangonana hoy ihany ny nambarany fa tsy sanatria mizara aretina. Nisaotra ny Tompo izy tamin'ity fotoana ity na dia teo aza ny tsaho naely fa hoe tsy hisy izy ity. Teny nozaraina ho an'ny rehetra, ny Tenin'ny Soratra Masina ao amin'i Isaia 45, 2: "handroso eo alohanao Aho". Izy izany no mitarika, fantany izay aleha, ho entiny any amin'ny tanjona kendreny isika, izay tanjona tsara mandrakariva, izy no mifanandrina amin'izay hery mifanandrina, isika hanaraka Azy amin'ny fitiavana.



*Ny filohan'ny FJKM, Irako Andriamahazosoa Ammi.*

Nisy ihany koa ny hafatra manokana miisa TELO nataony:

-MIORENA TSARA: mila marina ny fibebahana, manaiky marina an'i Jesoa ho Mpamonjy, miorina tsara amin'ny fivelomana amin'ny tenin' Andriamanitra, ...

- MAHEREZA TSARA: maro ohatra ny za-dratsy lasa tsy miangona intsony tamin'ireny tsy fisokafan'ny fiangonana ireny, koa mazotoa miangona. Mahereza amin'ny fanefana ny adidy, enga anie isika ho toy ny kristiana makedoniana (II Korintiana 8, 1-5), raha marina ny fanoloran-tenantsika dia malalaka ny tanana amin'ny fanolorana ho an'Andriamanitra, mahereza amin'ny vavaka ary mivavaha manokana ho an'ny Synoda lehibe hatao any Sambava isak' alahady, any amin'ny isam-pitandremana, tsarovy am-bavaka ny Filohan'ny FJKM, satria amin' ity taona ity dia sady hisahana ny FFPM ihany koa.

- MIASÀ TSARA: misy toerana telo asongadina manokana ilàna ny fifanomezan-tanana avy amintsika:

. IMERIMANDROSO AMBATONDRAZAKA: ivontoerana fanofanana mpampianatra, hiarahiasa amin'ny TOMPO isika ho famitana izany, satria zava-dehibe loatra ny resaka fampianarana. Marihina fa nomen'ny Filohan'ny FJKM ho anjara biriky amin'izany ny vola natolotra azy tamin'ny Fidirana I tamin'io alahady io.

. IVATO, izay misy ny Toeram-panomanana Mpitandrina, tsangam-baton'ny faha-50 taona ny nanangana azy, izay isaorana manokana ny Fianakaviana Marc Ravalomanana tamin'ny anjara lehibe noentin'izy ireo.

Mila ampitaovana anefa izy io, ahafahana mandray ny mpianatra Mpitandrina. Misokatra midanadana amin'ny rehetra ny varavaran'ny FJKM ho an'izay te hanolotra rehetra. Vitaina anatin'ny 3 volana ny asa. Afaka mifandray amin'ny Filohan'ny FJKM amin'ny laharana 0331121053 manontany ny andinindininy

. ANDROY : mila vonjy aina ny any amin'ny alalan'ny fizaràna sakafo sy rano, efa nisy ny dingana voalohany natao, notarihan'ny Sekretera Jeneralin'ny FJKM, ny Doyen Faculté Théologie, ny Mpitandrina Atsimon'i Mahamasina, Tiana Alisoa Ranaivoniarivo, izay nandeha tany an-toerana tamin'ny desambra 2020, miaraka amin'ny Synodamparitany Ambovombe Atsimo Kristy Ranovelona. Tohizantsika izany hoy ihany izy, ka ny fanampiana rehetra dia azo alefa amin'ny Compte bancaire SP 07 KERE, SOCIETE GENERALE MADAGASCAR TOLAGNARO, 00008 00730 05004011613 01, afaka mifandray ihany koa amin' ny Mpitandrina Prezidà Synodaly Arthur Soja 0347477804. Marihina fa nomen'ny Filohan'ny FJKM ho fiatrehana ny Kere ny vola natolotra azy tamin'ny Fidirana II tamin'io alahady io.

Nofaranany tamin'ny Vavaka manokana ho an'ny firenena ny fandraisampitenenana, ka nosinganiny manokana ny mahakasika ny aretina coronavirus sy ny rotsak'orana.

***Aly***

Akany mpitaiza kambotin'ny zandary

# Nahazo fanampiana avy amin'ny fikambanana AVGN

Nahazo fanampiana avy amin' ny fikambanana AVGN, ireo kamboty zanaka zandary maty am-perinasa any amin'ny Akanin'ny zandarimariam-pirenena any Arivonimamo faritra Itasy. Tonga nitsidika ny Akany any Arivonimamo tokoa ny "Association des Veuves de la Gendarmerie Nationale" (AVGN) ny alahady teo, nanolotra bonbons, biscuits, savony, cache bouche, gel désinfectant, cahiers, stylos, protèges, trousses ho an'ny ankizy tezaina ao izy ireo. Nanafatrafatra koa izy ireo, ny tsy hanaovan'ireo ankizy ambanin-javatra ny fianarana sy ny fahendrena.

***Niaina***



*Ireo avy amin'ny AVGN, nitsidika ireo ankizy kamboty zanaka zandary tany Arivonimamo.*

Taona vaovao 2021

# Mihavao hatrany koa ny eny amin'i Jessica

Raha toa ka an-jatony ireo nahazo fahasoavana tamin'iny taona 2020 lasa teo iny, dia mbola hihoatra an'izany ny hahazo soa sy fahasoavana ary fahasitranana eny amin'i Jessica, mpitsabo eny Mandrosoa Ivato, raha ny nambarany. Santionany tamin'izany ireo vehivavy tsy niteraka nandritry ny taona maro, fa nahazo zaza rehefa nokarakaraina. Teo ihany koa ireo tsy bevohoka nefa tsy zaza no nateraka fa zavatra hafa. Ny sasany indray dia arian'ny vadiny fotsiny izao, fa tsy mety miteraka hono . Santionany ireo, fa maro ihany koa anefa ireo marary tsy fanta-pototra, ireo tratry ny mosavy, ireo malemy sy tsy salama mandritry ny taona maro, sns… ka rehefa nokarakaraina dia sitrana sy nahazo izay niriany avokoa. Maro be ireo tonga teny amin'ity mpitsabo ity rehefa naka fotoana tamin'i Jessica, satria azo antso amin'ny 0338739541 io mpitsabo io, ka rehefa nihaona dia izao no valintenin'ity mpitsabo ity. Maro be no efa nahazo fahasoavana teto amiko, fa mbola ho maro koa no higoka izany amin'ity taona vaovao ity. Na ireo tsy salama, na ireo tsy nahazo zaza, na ireo marary sy malemy tsy mahatsangana, sns… dia samy hahazo ny anjara manandrify azy amin'ity taona ity, hoy ihany ity mpitsabo manana fahaizana manokana ity. Mbola nampiany aza hoe atao fanamby mihitsy amin'ny fanomezam-pahasoavana ity taona vaovao ity. Efa natolotro hanasoavana ny mpiara-belona amiko ny andro iainako, hoy izy ary tsy mbola mitsahatra amin'izany aho raha tsy efa tsy eto intsony angaha. Mbola nanamafy ihany koa izy, fa ho taonan'ny fahasoavana sy ny fiovana ity taona ity, ka izay mino sy matoky dia mbola hitombo koa ny fahasoavana azony amin'ity taona ity. Naharitra ora vitsy mihitsy moa ny fihaonany tamin'ireo olona nahazo fahasoavana teny aminy tamin'iny taona lasa iny.

***Namana***

Trangam-piarahamonina

# Teratany vahiny namono tena, namoy fo fa lany vola

Namono tena ny teratany vahiny iray tany Ambavalato Mahajanga, araka ny fanadihadiana, lany vola ny tenany dia namoy fo. Teratany vahiny tokony ho 67 taona eo no maty vokatry ny famoizam-po . Araka ny vaovao azo tamin'ireo akaiky azy dia olana ara-bola no fototr'izao famonoan-tena nataony izao , izay voalaza fa nogiazan'ny banky ny volany , taorian'izay dia nivezivezy teny amin'ny consulat izy. Narary vokatr'io fivezivezina io anefa ity teratany vahiny ity, ary rehefa izany dia nidina teo ambony fandriana ny tenany, ka nakapokapony tamin'ny tany ny lohany. Nahita izany ireo akaiky azy dia niezaka nampiakatra azy teo ambony fandriana, saingy vantany vao tafapetraka kelikely izy dia nivoa-drà be ny vavany, ka nitarika ny fahafatesany izany. Efa any an-toerana ny mpitandro filaminana amin'izao fotoana izao manao ny fanadihadiana ary ny BMH mizaha ny razana.

***Stefa***



*Ilay teratany vahiny maty tany Ambavalato Mahajanga.*

Vokatry ny fandehanana mafy

# Potika ilay fiara 205, naratra mafy avokoa ireo mpandeha

Nisehoana lozam-pifamoivoizana ny tany Ampihaviana Antsirabe faritra Vakinankaratra ny faran'ny herinandro, loza vokatry ny fandehanana mafy loatra. Potika tamin'izany ilay fiara 205 GTI, naratra mafy avokoa ireo mpandeha tao anatiny.

Fiara Peugeot 205 GTI iray no nifatratra tamin'ny andrin'ireny tambazotram-pifandraisana ireny ny alin'ny sabotsy hifoha ny alahady teo, tokony ho tamin'ny 2 maraina tany ho any, tany Ampihaviana-Antsirabe. Araka ny fahitana azy, mafy ny dona ka nipitika tany amin'ny 15 metatra tany ho any ilay fiara kely ary nivadibadika raha ny fahitana ny fahavoazana taminy.

Naratra mafy avokoa ireo olona tao anatiny, raha ny filazan'ireo nanatri-maso, saingy tsy voafaritra mazava ny isany.

Mpitari-posy iray no nijoro vavolombelona, fa hitany nivezivezy eran'Antsirabe ity fiarakely ity nanomboka tany amin'ny 11 ora alina tany ho any ny sabotsy, ka lehilahy rasta no namily ny fiara niaraka tamina vehivavy vitsivitsy tao anatiny ary nirifitra mafy hatrany nandritra izany, kanjo niafara tamin'ny loza no niafarany.

***Niaina***



*Ilay fiara kely niharan-doza tany Antsirabe.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 16/01/2021 hatramin'ny 23/01/2021**

- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **ANTANIMENA** (Imm Santa Antanimena, près Chocolaterie Robert) 020 22 200 00/032 56 914 77
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 020 22 224 70

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1116-01-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### ISCAM

# Hanome fanofanana momba ny fitantanana ny vola miditra isam-batan'olona

Hanome fanofanana mahakasika ny fanatsarana ny fitantanana ny vola miditra isam-batan'olona ny ISCAM, na ny toeram-pampianarana ambony tsy miankina momba ny varotra sy ny fitantanana. Ny 15 sy ny 16 febroary 2021 izao no hanatanterahana izany fanofanana izany ao amin'ny ISCAM Ankadifotsy, ho an'ireo liana amin'izany dia efa afaka misoratra anarana ao amin'ity sekoly ambony ity etsy Ankadifotsy. Nambaran'ny mpikarakara fa ny fitantanana ny tokantrano dia toy ny fitantanana orinasa ihany: ny vola no tena fanalahidin'izany. Hisy ny fanofanana momba ny fanatsarana ny vola tantanin'ny olona iray, mba hisian'ny ambim-bava, n any tahiry. Tsy vitsy ny paikady momba izany, ka hatolotra ireo mpiofana mandritra ireo 2 andro hanatanterahana ny fanofanana ireo. "Gérer votre argent à la maison", na ataovy tsara tantana ny vola ao an-trano, no loha-hevitry ny fanofanana ka ny ISSOF( Iscam Solutions Formation), no hanatanteraka izany. Haroso mandritra izany koa ny fahaizana mampiasa vola, mba hananana tahiry avy eo. Ny fahaizana mampifandanja ny vola miditra sy ny mivoaka ao an-tokantrano,…

***Aly***



***Ny toeram-pampianarana ambony tsy miankina ISCAM etsy Ankadifotsy.***

KOFITAM – taksibe zotra 143

# Kaoperativa anjakan'ny gaboraraka sy mampijaly mpandeha

Raha misy ny voalohany, dia ity kaoperativa KOFITAM, taksibe misy ny zotra 143 ity no tena mbola voalohany amin'ny gaboraraka sy mampijaly mpandeha amin'izao fotoana izao. Miverina amin'ny fomba ratsiny ary tsy miahotra manao izany tanteraka ireo mpitatitra amin'ny zotra 143. Zotra izay mampitohy an'Ambohidrapeto (Sinibendrano) – mihazo an'Anosibe tsena, mipaka eny Mahamasina. Efa nambara teto, fa ity zotra ity dia mamorona ny atao hoe "Taxibe scolaire", izay tsy ao anaty bokin'andraikitra velively amin'ny ahafahany misahana izany zotran-dalana izany. Manomboka amin'ny 6 ora maraina eo, ka hatramin'ny 8 ora dia tsy mety mitondra mpandeha hafa ankoatra ny mpianatra ireo taxibe 143 eo amin'ny sinibendrano. Ary tsy miahotra mihitsy milaza ny tapadalana fotsiny no ataony, dia hatreo amin'ny sampanan'i Vinany ihany. Tsy misy mihitsy ny firaharahiana ireo olon-dehibe mpiasa, na mpivaortra, na manao fihariana hafa, na ihany koa olona hamonjy raharaha maika.

Fahasahiana amin'ny fanaovana gaboraraka izany satria mazava loatra, fa tsy misy ny mpanara-maso sy hanasazy miainga amin'ny tomponandraikitry ny kaoperativa misy azy, izay heverina fa miray tsikombakomba amin'izao fomba ratsy izao. Eo koa ny tsy fahavitan'ny ATT ny asany ary tsy mahomby mihitsy io antokon-draharaha io amin'ny fanaraha-maso an'izany. Voakasik'izany ihany koa ny minisitera tompon'andraikitra misahana ny fitateram-bahoaka, izay tena tsy maharaka mihitsy ny zava-misy. Ary farany, tsy miraika mihitsy amin'ny zava-misy manjo ireo vahoaka ao aminy, sy ny ataon'ny mpitatitra, ireo Ben'ny tanàna amin'ireo kaomina voakasik'izany, dia Ambohidrapeto, Fiombonana, Andranonahoatra.


Mazava loatra, fa mifafa ny kihony hatrany ny vahoaka mpandeha amin'ity fitateram-bahoaka 143 an'ny kaoperativa 143 ity ary lasa miferin'aina amin'izy ireo. Tsy misy antenainy satria ireo tomponandraikitra notanisaina ireo tsy misy mahatsiaro tena hanao ny asany, sy handray ny andraikiny. Vahaolana haingana no ilain'ny vahoaka, ohatra: ny fampidirana kaoperativa sy mpitatitra vaovao, na avela mitondra mpandeha ireo fiaran'olon-tsotra afaka manao izany, fa tena mijaly ireo mponina eny an-toerana.

***Radafy***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 334**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0333)


***Mitsivalana***

- Vehivavy
- Alina
- Roa – Atao (miv)
- Ro – Bas(y)
- Traboina
- Rakitra
- Anaka – Fy (miv)

***Mitsangana***

- Varotra
- Elo – Ran(o)
- Hiaraka
- In – Kibo (miv)
- Vao – Ota
- Riba (miv)
- Vatanay
- Asa

### TENY MIFANAPAKA N° 334




**Mitsivalana**

**1.** Biby manan'elatra **2.** Tampisaka – Banky (miv) **3.** Tapany **4.** Vilia – Solfa **5.** Isa (miv) – Voamaina (miv) **6.** Teny fiangaviana – Naoty **7.** Tovona (miv) – Taomina **8.** Nesorina – Tapaka (BR) **9.** Grama – Eo amin'ny tongotra **10.** Eny, eka ! – Firinga (BR)

**Mitsangana**

**A.** Faritra **B.** Ao amin'ny fery (BR) – Farany (miv) **D.** Zava-maneno **E.** Mpampitohy – Foko **F.** Fenomanana **G.** Marihana **H.** Nisintaka **I.** Tompon'ny sambofiara (miv) – Boky masina (BR) **J.** Mitovy – Kianteny **K.** Fiandohan'ny Abidy – Elabe (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0333

**Mitsivalana**

**1.** Fitaratra **2.** Mino (miv) - Ro - No **3.** Nalentikay **4.** Ina - Oty (miv) **5.** Ankaratra **6.** Rà - Sary **7.** Matsiro **8.** Bao (miv) - Rahona **9.** Trosa - Kam(o) **10.** Ao - Akofa

**Mitsangana**

**A** Fonja - Bota **B.** Ina - RN (miv) - Aro **D.** Tilikambo **E.** Amena - Sy **F.** Naratra **G.** Tra (miv) - Sa(ry) **H.** Toy - Tsih(y) **I.** Kiraroko **J.** Fanoratana (miv) K. Oio - (M)ama

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fiaraha-mivavaka teny Antsonjombe, nitondrana ambavaka ny filohan'ny FJKM sy ny akohonany ary ny fotoam-piasana 2021.





Ny fikambanana Soleil Marmailles niantoka ny fandidiana «hernie» an'i Bruno kely.










Ny tatitra nataon'ny voamiera mpanao fanadihadiana teny Anosikely.



